GENDER EQUALITY IN SADC

THE TIME IS NOW

# NY FENITRY NY SADC AMIN'NY FITOVIANA SY FAMPANDROSOANA RAHA ATAO INDRAY MIJERY FENITRY NY SADC MAHAKASIKA NY LAHY SY NY VAVY EO AMIN'NY FAMPANDROSOANA

**NANKATOAVINA TAMIN'NY 17 AOGOSITRA 2008**

## Ny fenitry ny SADC eo amin'ny lafiny fampandrosoana:

### MASAHANA

Mamaritra ny fepetra noraisina manerana ny Faritra manodidina sy eran'izao tontolo izao hahatratrarana ny fitoviana amin'ny lahy sy ny vavy.





### MANAMAFY

Manamafy ny fitaovana hamenoana ny banga sy mametraka tanjona manokana voafaritra amin'izay toerana tsy misy izany.



### MAMPIVOATRA

Mamolavola ny fitoviana miompana amin'ny fandraisana andraikitr' ireo Firenena Mpikambana amin'ny SADC sady mampirobo-robo ny fampivoarana ny kalitao sy ny fifanomezan-tanana.

# NY FENITRY NY SADC AMIN'NY FITOVIANA SY FAMPANDROSOANA RAHA ATAO INDRAY

| DISPOSITIONS PRINCIPALES | REALITES A MADAGASCAR |
|---|---|
| **Andininy 4-8: LALANA FOTOTRA, ARA-PANAMBADIANA SY FITOVIANA ARA-PITSARANA** | |
| Hatramin'ny 2015<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia hiezaka hamaritra ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ao anatin'ny lalàmpanorenany ary hitsinjo fa tsy hisy lalàna na fepetra na fomba fanao mifanohitra amin'izany zo izany. Torak'izany koa amin'ny fananan-jo mitovy eo amin'ny lehilahy sy vehivavy momban'ny fanambadiana.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia hanova sy hanafoana ny lalàna rehetra manavakavaka ny lahy sy ny vavy ary hanafoana ihany koa ny fepetra manambany ny vehivavy sy ny fepetra hafa mampiankina ny vehivavy amin'ny rainy, vadiny, zanany lahy sy amin'izay mety ho rohim-pihavanana hafa ifamatorana amin'ny lehilahy. | Lalampanorenana Malagasy, mandray ho lalàna velona eto Madagasikara ireo fifanekena iraisam-pirenena izay nankatoaviny.<br>Andininy faha-8 lalampanorenana : "mitovy zo ny olona rehetra ary arovan'ny lalàna ny fahafahany ; ka izany dia tsy anavahana lahy na vavy".<br>Lalàna 90-014 tamin'ny 20/07/07 mikasika fanambadiana manafoana lalàna 67-030 tamin'ny 18/12/67 ka mampihatra ny « zara-mira » ho sata mifehy ny fizarana ny fananana iombonan'ny mpivady. ho solon'ny « kitay telo an-dalana »<br>Lalàna 2007-022 tamin'ny 20/08/07 manafoana fanavakavahana sy fanambaniana Vehivavy, ary mampitovy Lahy sy Vavy amin'ny andraikitra sy amin'ny fanapahana ao anaty tokantrano. |
| **Andininy 9 : OLONA MANANA FAHASEMBANANA** | |
| ✓ Araky ny fenitry ny SADC momba ny fahasalamana, ny Firenena Mpikambana dia hankato ny lalàna sy fepetra ilaina hiarovana ny olona manana fahasembanana ka tandrovina manokana amin'izany ny vehivavy izay manana vatana marefo tafiditra amin'izany toe-javatra izany.<br>✓ Izany fepetra izany dia mahakasika indrindra ny fiarovana ny vehivavy amin'ny fanolanana sy ny fahafahany mitsabo tena amin'ny toeram-pitsaboana momba ny vehivavy sy ara-pananahana. | -Andininy 30 lalam-panorenana navaozina: « Fanjakana Malagasy miezaka miahy olona sembana ara-batana sy ara-tsaina sy izay tsy afa-miasa ».<br>-lalàna 97-044 manambara ny zon'ny olona sembana.<br>-lalàna momba asa 2003-044, andininy 104 ka hatramin'ny 108 mitanisa fepetra hiarovana olona sembana lahy na vavy.<br>Misy ary voavolavola tsara any lalàna mikasika ny olona sembana, nefa tsy ampy ny fampahafantarana sy ny fampiharana azy. |
| **Andininy 10: ZO NY MATY VADY NA LAHY NA VAVY** | |
| ✓ Ankoatr'izay mety ho didy avoakan'ny Fitsarana, aorian'ny fahafatesan'ny lahy, ny vavy dia mandray avy hatrany ny andraikitra fitaizana ny zanany, manan-jo hipetraka amin'ny trano ary handova ireo fananana niarahana nihary nadritra ny fanambadiana indrindra raha nisy fifanarahana fiombonam-panana nataon'ny mpivady.<br>✓ Ny vehivavy maty vady dia manana zo hanambady araky ny safidiny ka arovana amin'izay mety ho herisetra sy fanavakavahana rehetra nohon'ny toerana misy azy. | - Misy lalàna miaro zon'ny maty vady eto Madagasikara fa tsy ampy fampahafantarana azy.<br>Lalàna 2007-022 eo amin'ny andininy 133 manambara fa "raha maty ny iray amin'ny mpivady, fananana iombonana no mizaka fandaniana rehetra mikasika trano fonenan'izireo, ary izany dia mandritra iray taona nahafatesan'ilay andefimandry"<br>Andininy 134 "raha mahakasika orin'asam-pambolena, na asa tanana, na varotra ny fananana iombonana, dia azon'ny vady navelan'ny maty atao ny mangataka amin'ny fitsarana mba hitazomany ny asa famokarana mandritry ny enin-taona"<br>Andininy 6 lalàna 2007-022: tsy maintsy manaja ny fetra 180 andro ny olona iray rava fanambadiana vao mahazo manorina tokantrano indray. |
| **Andininy 11: ZANAKA VAVY SY LAHY** | |
| ✓ Ny Firenena Mpikambana dia manaja ny lalàna sy ny lamin''asa rehetra manamafy ny fampandrosoana ny fiarovana ny ankizy vavy sy/na lahy mba tsy hisy fanavakavahana amin'izy ireo ao anatin'ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, sy ny firenena.<br>✓Araky ny fifanarahana eo anivon'ny Firenena Mikambana momba ny zon'ny ankizy sy ny fifanarahana raketin'ny Fepetra Afrikana momba ny tombotsoan'ny ankizy, ny fomba fitaizana rehetra tsy mahasoa dia tokony ho foanana toy ny fanararaotana amin'ny asa, ny fampivarota-tena, ny herisetra ary ny fanolanana.<br>✓ Fananana zo mitovy hahafahana mianatra sy hahazo fitsaboana ara-pahasalamana. | Lalàna 2007-023 tamin'ny 20/08/07:<br>- Andininy faha-4:"manana zo ny ankizy tsirairay, ary izany dia tsy misy fanavakavahana".<br>- Andininy 5:"rehefa manapa-kevitra mikasika ny ankizy, dia ny tombontsoan'ilay ankizy no laharam-pahamehana".<br>Ny Ministera miahy ny fiainam-pianakaviana dia manao lamin'asa miady amin'ny herisetra mihàtra amin'ny ankizy: fampahafantarana ireo lalàna miaro ny ankizy, fandraisana an-tanana ireo zaza niharan'ny herisetra sy fitaizana azy ireo mba hiverina amin'ny fiaraha-monina ary entanina amin'izany ny mpitsara, ny polisy ary ireo fikambanana samihafa miaro ny zon'ankizy.<br>Miisa 75 ireo rantsan'asa mikendry ny handrindra sy hanome toro-hevitra ireo mpanentana mikaroka ny hahasoa ny ankizy.<br>Isaky ny fitsarana dia ahitana mpitsara misahana manokana ny zaza tsy ampy taona.<br>Lalàna voalaza io andininy 10 manambara ireo adidin'ny fanjakana amin'ny ankizy; ary andininy 48 mitanisa ny fanohanana ara-pitaizana tsy maintsy raisiny.<br>Ny Fanjakana Malagasy dia mandray an-tànana ny fikarakarana ny fampianarana ny ankizy; somary ambony anefa ny vola fampidirana mianatra ka mila tsy ho zakan'ny sarambaben'ny vahoaka.<br>Isan-taona dia mizara fitaovana tena ilaina ho an'ny mpianatra amin'ny sekoly ambaratonga voalohany ny Fanjakana Malagasy. Tafapetraka koa ny fanomezana sakafo ho an'ny mpianatra.<br>Maimaim-poana ny fikarakarana ny fahasalamana, fa misy ihany vola aloa mba ho fandraisana anjara. |
| **Andininy 12-13: FITONDRANA (FISOLOANA TENA SY FANDRAISANA ANJARA)** | |
| ✓ Ny Firenena Mpikambana dia hiezaka hametraka ny 50% amin'ny ny toeram-panampahan-kevitra rehetra, na an'ny Fanjakana na an'ny Tsy miankina, ho tazonin'ny vehivavy, farafahatarany amin'ny taona 2015.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia hametraka ny fandraisan'ny vehivavy anjara mivantana amin'ny rafitra sy fanapahan-kevitra momba ny fifidiana, indrindra amin'ny fanamoràna ho fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny fametrahana rafitra hanatsaràna ny fandraisana andraikitra mety haterak'izany. | Ny andininy 15 ao amin'ny lalam-panorenana dia manambara fa :"ny Malagasy tsirairay dia manana zo hilatsaka hofidina"<br>Novana ho toy izao anefa io andininy io: "mba ho azo fidina ny olona iray, dia tsy maintsy mikambana ao anaty vondrona politika"<br>Io fanovana io no nahatonga ny hetsika fanoheran'ny vahoaka.<br>Toy izao koa ny tahan'isa misy ny vehivavy amin'ny fitondrana eto Madagasikara:<br>- 0% lehiben'ny Andrimpanjakana (0/4)<br>- 33% Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (3/9)<br>- 18% Antenimieran-doholona (5/28)<br>- 9% Antenimieram-pirenena (11/127)<br>- 13% Governemanta ((3/23)<br>- 9% Lehiben'ny Faritra (2/22)<br>- 9% Lehiben'ny Distirika (10/117)<br>- 5% Ben'ny tanàna (70/1549)<br>- 0% Talen'ny kabinetra 0/19<br>- 9% Sekretera Jeneraly<br>Torimarika azo tao amin'ny sampana miandraikitra ny miralenta. |
| **Andininy 14 : FAMPIANARANA – FANOFANANA** | |
| Hatramin'ny 2015:<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia mamoaka lalàna izay hampiroborobo ny fitoviana eo amin'ny fahafaha-mianatra amin'ny ambaratongam-pampianarana rehetra ara-dalàna ka hisoroka ny fiatoana mialoha.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia hametraka lamim-pampianarana miahy ny fitoviana ka miady manokana amin'ny herisetra amin'ny hendriny rehetra | Andininy 22 Lalampanorenana navaozina: "raisin'ny Fanjakana ho adidy ny mandray ny fepetra rehetra ilaina mba hahazoana miantoka ny fivoaran'ny tsirairay ara-tsaina araka ny fahaizan'ny isam-batan'olona."<br>Andininy 24 "mametraka lamim-pianarana, maimaim-poana sy azon'ny rehetra hidirana ny Fanjakana. Ny fianarana ambaratonga fototra dia tsy maintsy ataon'ny rehetra".<br>Tsy tanteraka ny zava-kendrena eny ambanivohitra, nohon'ny fahalavirana sy ny fahasarotan'ny làlana mankany an-tsekoly ary koa nohon'ny tsy fahampian'ny mpampianatra.<br>Ny taona 2008, dia nametraka lamim-pianarana vaovao ny Fanjakana Malagasy, ary fari-piadidim-pianarana 20 no nanombohana azy.<br>Ny tanjona amin'io dia mba hananan'ny ankizy fahaizana bebe kokoa, fa indrindra ny ankizivavy izay voatery mijanona amin'ny fianarana any amin'ny ambaratonga voalohany.<br>Tsy misy anefa sehatra mba hiahy ireo ankizy tsy mahavita afa tsy ny sekoly ambaratonga voalohany.<br>Tsy misy |

| DISPOSITIONS PRINCIPALES | REALITES A MADAGASCAR |
|---|---|
| **Andininy 15-19 : LOHARANOM-PAMOKARANA SY ASA, FANATEVENANA NY FITAOVANA ARA-TOEKARENA** | |
| Mandram-pihavian'ny taona 2015, dia takiana amin'ny ny Firenena Mpikambana ny:<br>✓ Fampandraisana anjara mitovy ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny famolavolana sy fampiharana ny tetik'asa ara-toe-karena rehetra.<br>✓ Fanokanana teti-bola voarindra hanaovana mira-lenta ny zavatra ilain'ny vehivavy sy ny lehilahy.<br>✓ Fiantohana ny fitovian'ny vavy sy ny lahy fahafahana mahazo tombontsoa itovizana eo amin'ny raharaham-barotra sy fisahanan'asa.<br>✓ Fanitsina sy fanovàna ny lalàna mikasika ny vehivavy amin'ny fahafahana misahana asa mitera-boatsoa, sy fanaraha-maso ny tombontosa azo amin'izy ireny mba hanafoana ny fanavakavahana ny vehivavy eo anatrehan'ny zony na amin'ny rano na amin'ny fananan- tany.<br>✓ Hijery sy hanamarina ny fitoviana eo amin'ny lahy sy vavy amin'ny fampiasana handraisan-karama amin'ny sahan'asa ara-toe-karena. | - Miisa 1723 ny lehilahy ary 1260 ny vehivavy mpampiasa ao anaty fikambanana na sendika eto Madagasikara.<br>-Tsy voafaritra ao amin'ny teti-bolam-panjakana 2009 ny fampandrosoana ny miralenta.<br>- Ny lalàna dia manambara fa mitovy ny zon'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatr'asa varotra na orin'asa nefa vitsy ny fandraisana anjaran'ny vehivavy. Tena ahitana ny vehivavy dia ny varotra tsy misoratra ara-dalàna.<br>-Tsy misy lalàna manokana hoan'ny vehivavy mikasika an'iizany na ny zony mikasika rano;<br>- Mitovy kosa ny zon'ny vavy sy ny lahy eo amin'ny fananan-tany. Andininy 27 lalampanorenana: "ny asa sy ny fiofanana dia zo sy adidin'ny olom-pirenena tsirairay."<br>Andininy 28:"tsy misy azo lesohina tombontsoa eo amin'ny asa noho ny maha-lahy na maha-vavy azy." |
| **Andininy 20-25: HERISETRA FANOLANANA** | |
| Mandram-pihavian'ny taona 2015, ny Firenena Mpikambana dia tokony:<br>✓ Hamoaka lalàna mandrara ny fanolanana amin'ny endriny rehetra ary hanara-maso ny fampiharana izany, hiantoka ny fitondràna amin'ny fitsarana mahefa ny tompon'antoka rehetra amin'izay mety ho endrika herisetra fanolanana ny vehivavy, fanimbana ny taovam-pananahany, sy ny fomba hafa rehetra miendrika herisetra amim-behivavy.<br>✓ Hanitsy sy hanafoana ny fomba nentim-paharazana sy ny fanao ara-tsosialy, ara-toekarena, ara-koltoraly sy ara-politika ary ara-pinoana izay manaiky na manome vahana ny fisian'ny herisetra amim-behivavy.<br>✓ Hanitsy sy hanova ny lalàna sy paika ady heloka mikasika ny lalàna famaizana momba ny herisetra sy fanolanana ka hanomezana toky ireo niharany mba ho fiahiana sy fitandrovana hatrany ny zo aman-kasin'izy ireny.<br>✓ Hanome rindran-damina mahomby hanarenana ara-piaraha-monina sy ara-tsaina ireo mpanao herisetra sy fanolanana.<br>✓ Hamoaka ary hankato ny fepetra rehetra manokana voarakitrin'ny lalàna izay miaro ny fampivarotan-tena ka hanomezana asa mendrika ireo voakasik'izany mba hiverenany indray anaty fiaraha-monina.<br>✓ Hamoaka lalàna ary hankato tsy misy fepetra ny ny lamin'asa rehetra hanafoanana tanteraka ny fanararaotana ny vehivavy baikona.<br>✓ Hampihantra sy hampiroborobo ny fampianarana sy fanofanana amin'ny fitoviana izay andrasana amin'ny sampan-draharaha tafiditra amin'ny fiarovana ny herisetra sy fanolanana toy ny Polisy, ny Mpitsara ary ireo Mpikarakara ara-piaraha-monina sy ara-pahasalamana.<br>✓ Hanena ho antsasany ny tahan'ny herisetra sy fanolanana misy amin'izao fotoana izao. | Ny lalàna 2007-038 tamin'ny 14/01/08 dia manova sy mameno ireo fepetra amin'ny andininy maromaro hita ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana mahakasika ny fametavetana ny ankizy, ny fanondranana sy fanodikodinan'olona an-tsokosoko ary manafay ny mpizaha tany mijangajanga amin'ny ankizy.<br>Tsy misy<br>Ny lalàna dia manery ny mpanao ny heloka, mba handoa onitra amin'izay niharam-boina.<br>Tsy misy<br>Ny lalàna 2007-038 ny 14 janoary 2008 dia miaro ny olona amin'ny fanondranana sy fanodikodinana olona an-tsokosoko.<br>Ny Fanjakana, miaraka amin'ny FNUAP dia mametraka toeram-pihainoana sy mpanoro hevitra momba ny lalàna velona eto Madagasikara, manerana ny Faritany enina.<br>Ny lalàna momba ny asa, dia mandrara ny fanaovana herisetra na fanararaotana ataon'ny mpampiasa amin'ny mpiasa mba ahazoany tombontsoa ara-nofo.<br>Tsy misy<br>Mandritry ny fotoana 16 andro: *fanentanana ny 365 andro iadiana amin'ny herisetra. |
| **Andininy 26: FAHASALAMANA** | |
| ✓ Hanena ny taha-pahafatesan'ny reny hatramin'ny 75% | Andininy 21 Lalampanorenana : "ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny reny sy ny ankizy"<br>Ny Ministeran'ny fahasalamana sy ny fandrindram-pianakaviana dia manao ezaka manokana momba izany.<br>Ny taona 2005, dia 469 tao anatin'ny100 000 ireo vehivavy maty am-piterahana |
| **Andininy 27: VIH - SIDA** | |
| Mandram-pihavian'ny taona 2015, ny Firenena Mpikambana dia nifanaiky fa:<br>✓ Ho hatevenina ny tetik'ady hisorohana ny tsimok'aretina vbaovao ao anatin'ny fiahiana tanteraka ny fitoviana.<br>✓ Hiantoka ny fahazoan'ny voan'ny VIH-SIDA rehetra mahazo fitsaboana tsy misy ankanavaka.<br>✓ Hamolavola sy hampihatra rindran-damina hiantohana ny fiahiana manokana ny asa fitsaboana, izay hosahanin'ny vehivavy amin'ny ankapobeny, ka hanomezana azy ireo ny enti-manana sy ny fanohanana manokana ilaina.<br>✓ Hamporisika ny lehilahy handray anjara amin'ny tolokevitra ara-pitsaboana sy hanohanana ireo voan'ny SIDA. | Misy ny lalàna 2006-902 natao ny 19/12/06 momba ny ady amin'ny VIH/SIDA sy ny fiarovana ny zon'olona mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA ary izany tsy anavahana na lahy na vavy<br>Ny Fanjakana dia mandray an-tanana manokana ny fiarovana ny vehivavy bevohoka, sy mampinono.<br>Misy drafitr'asa fanapariahana ny ady amin'ny VIH isaky ny Faritra ary mandray anjara manokana amin'izany ny vehivavy sy ny ankizy.<br>P.R.I. no anaran'ny tetik'asa. Ary isaky ny Faritra dia mahihana manokana ny toeran'ny vehivavy sy ny ankizy.<br>Ny lalàna 2005-040 tamin'ny 20/02/06 dia manome fepetra sy fiofanana entina hiarovana ny mpiasan'ny fahasalamana mba tsy hifindran'ny aretina Sida. Mandray anjara amin'ny fiarovana amin'ny aretina Sida ireo mpamora zaza, ireo mpanety volo ; ary maro ireo lehilahy anaty fikambanana miady amin'ny aretina Sida |
| **Andininy 28: FANORENANA FANDRIAMPAHALEMANA SY FAMAHANA OLANA** | |
| ✓ Mandram-pihavian'ny taona 2015, ny Firenena Mpikambana dia hiezaka hiantoka ny fametrahana ny fomba ilaina hahazoan'ny vehivavy mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra ho famahana ny olana sy hampanjakana ny fandriampahalemana. | Tsy misy |
| **Andininy 29-31: FAMPAHALALAM-BAOVAO SY SERASERA** | |
| Mandram-pihavian'ny taona 2015:<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia miantoka ny fampitoviana mba hotafiditra amin'ny lalàna, ny politika, ny rindran'asa sy fanofanana mahakasika ny fampahalalam-baovao sy ny serasera.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana ao amin'ny SADC dia handray ny fepetra rehetra hampiroboroboana hampitoviana ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fandraharahana momba ny fampahalalam-baovao sy amin'ny rafim-panapahan-kevitra mahakasika izany.<br>✓ Ny vavy sy ny lahy dia mitovy vato eo anatrehan'ny fampahalalam-baovao.<br>✓ Eo anivon'ny fampahalalam-baovao dia ampitomboina ny isan'ny fandaharan'asa mikasika ny vehivavy izay novokarin'ny vehivavy ka mikarakara ny vehivavy ary mifanaraka amin'ny tanjona manokana miady amin'ny fanavakavahana ny lahy sy ny vavy. | Tsy misy<br>Ambany dia ambany ny salan'isan'ireo vehivavy;<br>Raha natao ny fanadihadihana ny 22 oktobra hatramin'ny 04 novembre 2007, dia tsapa fa eo amin'ny fanoloran-kevitra: 79% lehilahy ary 21% vehivavy ary raha amin'ny isa : 69,5% lehilahy ary 30,5 % ny vehivavy.<br>Ny vehivavy mpanao serasera dia mirona bebe kokoa amin'ny vaovao mikasika ny fambolena sy ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany, fahasalamana, ny ankizy sy ny miralenta. |
| **Andininy 32-35: FAMPIHARANA – FANARAHA-MASO SY TOMBAN'EZAKA** | |
| ✓ Ny Firenena Mpikambana dia miantoka ny fampiharana ity feniotra ity eo anivon'ny Firenena.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia miantoka ihany koa, amin'ny alalan'ny rafitra manokan'ny Firenena sy Faritra ny lamin'asa voafaritra mazava miaraka amin'ny fanaraha-maso sy tomban'ezaka manokana izay apetraka.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia miantoka fa ny lamin'asa ataony dia manara-penitra, ka ahafahana mandrefy ny dingana vita sy voatombana.<br>✓ Ny Firenena Mpikambana dia hametraka isan-taona eo anivon'ny Fitanan-draharaha ny tatitra feno momba ny fandrosoana vita sy fampiharana ny fepetra nifanarahana voarakitr'ity fenitra ity. | Efa voavolavola ny lalàna fa miandry ny fankatoavan'ny filoham-pirenena vao azo ampiharina.<br>Orin'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana no efa naminavina ny asa izay ho atao.<br>Miandry<br>Miandry |

## Hevitry ny Fenitry ny SADC mahakasika ny lahy sy ny vavy sy ny fampandrosoana.



Ny fenitry ny SADC voalaza etsy ambony dia nandray ny fanambaran'ny SADC momba ny lahy sy ny vavy sy ny fampandrosoana tamin'ny taona 1998 ary anisan'ny feno indrindra mahakasika izany satria niainga tamin'ny fomba fijery maro na teo anivon'ny firenena manodidina na teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Eo anoloan'ny tany 30 kinendry mba hampiharana ny fampitoviana ny lahy sy ny vavy mandram-pihavian'ny taona 2015, dia heverina fa tolokevitra matomboka indrindra ity, ary mametraka ny SADC ho mpitarika paik'ady miteraka fanavaozana faobe eran-tany manandanja aty amin'ny zana-paritra manodidina.

## Sehatra tsy miankina mifanome tanana amin'ny tolokevitra momba ny Fenitry ny SADC amin'ny lahy sy ny vavy ary ny fampandrosoana.

Ny fiombonana aty amin'ny faritra Atsimon'I Afrika momba ny Fenitry ny SADC, izay fitambaran'ny ONG eto an-toerana sy manodidina maherin'ny 40 miasa amin'ny sahan'ny fampitoviana dia efa niasa nanomboka ny taona 2005 ho fampakatoavana, fanamafisana sy fampiharana izany Fenitra izany.

Ny fomba fiasan'ity fiombonam-paritra ity dia miainga amin'ny fivoizana tsirin-kevitra, izay sahanin'ny mpikambana mandrafitra ny filankevim-pandaminana ka mitsinjara ho toy izao manaraka izao:

- Gender Links – ONG miandraikitra ny fandaminana – ONG mpitarika ny "Gender and Economic Justice Cluster"
- Zimbabwe Women Resource Centre and Network – ONG mpitarika ny "Gender and Economic Cluster"
- Gender Avocacy Programme – ONG mpitarika ny "Gender and Governance Cluster"
- Gender and Media Network of Southern Africa (GEMSA) – ONG mpitarika ny "Gender and Média Cluster"
- SAFAIDS – ONG mpitarika ny " Health, Sexual and Reproductive Rights, and HIV and AIDS cluster"
- WILSA – ONG mpitarika ny " Constitutional and Legal Rights Cluster"

Raha toa ka mila fanazavana fanampiny dia mifandraisa amin'ny:
**La Fédération pour la Promotion Féminine et Enfantine/GEMSA**, ***Villa Marie France Seth*, *P/lle 14/22 Salazamay Sud*, *Toamasina*, *Madagascar***
***Tel: + 261 32 04 771 18***
Email: ialfine_tracoulat@yahoo.fr (Présidente)

Raha toa ka mila fanazavana fanampiny dia mifandraisa amin'ny:
www.genderlinks.org.za; alliance@genderlinks.org.za, tel: 00 27(0)11622 2877

---

The SADC Gender Protocol Alliance comprises: Association of Local Government (ALAN); African Women's Economic Policy Network (AWEPON); Botswana Council of NGOs (BOCONGO); Christian Council of Mozambique; CIVICUS; Federation of African Media Women (FAMW) – SA; GAP; Gender Links (GL); Gender and Media Southern Africa Network (GEMSA); Gender Policy Program Committee (Botswana); Justice and Peace (Lesotho); Malawi Council of Churches; Media Institute of Southern Africa (MISA); NGO Gender Coordination Network Malawi; SAFAIDS; SAMDI; SALGA; Society for Women and AIDS in Africa Zambia (SWAAZ); Trade Collective; Women in Law and Development in Africa (WILDAF); Women in Law in Southern Africa (WLSA); Women, Land and Water Rights Southern Africa (WLWRSA); Namibia Non-Governmental Forum (NANGOF); Women's Net; Young Women's Christian Association Botswana (YWCA); Zimbabwe Women Lawyers Association; Zimbabwe Women's Resource Centre (ZWRCN). Associate Members: African Women and Child Feature Service; Swedish Cooperative Centre - Southern Africa; Diakonia (Zambia).



2204 GEMINI CONCEPTS: ✆ 083-306-3229